

# TAHIRY

SERASERAN'NY TAHIRIMBOLAM-PANJAKANA  
Bulletin mensuel d'information et de liaison de la Direction Générale du Trésor

Numéro 26



DECEMBRE 2012

## Azo atao ny manatsara ny vola miditra ao amin'ny kitapombolam-panjakana na dia ao anatin'ny kirizy aza

Tsy vitsy ireo mihevitra fa anisan'ny mampananosarotra ny fanatevenana ny kitapombolam-panjakana ny fisian'ny kirizy mihatra amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Ho an'ny fitondrana foibe manokana dia tsikaritra tao anatin'ny Tetibolam-panjakana 2013 ny vinavina hanatsarana ny fampidirana-ketra.

Raha ny fampandrosoana ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana no asian-teny dia miankina amin'ny fahavitrihan'ny mponina, izay mizaka mivantana ny vokatra ny kirizy, ny ampahany betsaka amin'ny fidiram-bolan'izy ireo. Izany no mahatonga ny maro hihevitra fa mety ho sakana amin'ny fampidirambolan'ny Faritra sy ny Kaominina io fahasahiranana mianjady amin'ny mponina io.

Tsy diso izany fihevitra izany. Kanefa nandritra ny fidinana mivantana nijerena ifotony ny fitantanana teo amin'ny Faritra Alaotra Mangoro sy ny Kaominina Ambonivohitra Ambatondrazaka, dia antony maro samihafa ihany koa no mahakely ny fidiram-bola eo anivon'ireo sampan-draharaha ireo. Anisan'izany: (i) Ny tsy fahatomombanana eo amin'ny fomba fitantanana, (ii) ny tsy fampiasana ny bokim-pitantanana, ary indrindra (iii) ny tsy fahaizana mitantana ny *valeurs inactives* (CCAL, tapakilan'ny haba-tsena...).

Araka izany, ilana fiaraha-miasa

amin'ny Tahirimbolam-panjakana ny eny amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana eny hahafahana manatsara ny fitantanana ny vola. Nidina nanao fampahafantarana tany amin'ny Faritra Alaotra Mangoro ny solontenan'ny Tahirimbolam-panjakana. Rehefa nampahatsiahy azy ireo ny lalàna mifehy ny fitantanana ny volambahoaka dia nahitam-bokatra avy hatrany izany. Tena nanaraka ny torolalana nomena ny teo anivon'ny Faritra satria dia niakatra 29,5% ny vola niditra tamin'izy ireo ny taona 2010 raha oharina tamin'ny taona 2009.

Raha nijery ifotony ny Kaominina Ambonivohitra Ambatondrazaka indray kosa ny *Cellule d'inspection* eto anivon'ny TG Ambatondrazaka dia lesoka maro no hita fa nampihena ny fampidiram-bola ka nahatonga ny tsy fahampian'ny vola azo ampiasaina. Ny volana febroary 2011 ohatra dia efa telo volana tsy nandray karama ny mpiasan'ny Kaominina. Fanarahamaso sy fanentanana hanarenana ny lesoka no natao ka toy ny teo anivon'ny Faritra dia nivaingana avy hatrany ihany koa ny vokatra. Nitombo ny vola niditra ary manana ambim-bava aza io Kaominina io amin'izao fotoana izao. Niakatra 66% ny hetran-trano sy ny hetran-tany voaangona hatramin'ny faran'ny volana oktobra ho an'ny taona 2012.



Ny fitantanana sy ny toe-tsaina no antoky ny fampandrosoana. Aoka tsy ho filan-tsiny amin'ny fahosana na ny tsy fidiram-bola, ny kirizy satria maro ireo lesoka azo arenina eo amin'ny lafiny fitantanambolam-bahoaka ary voakasik'izany indrindra indrindra ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana. Izy ireo mantsy no miantoka mivantana ny fampandrosoana ny fiainan'ny mponina.

Tsy asan' olon-tokana na vondron'olon-tokana ny fitantanambola. Ilaina ny fahavitrihana sy ny fahavononana ary indrindra ny fahamarinana avy amin'ireo mpitondra. Ireo vahoaka ihany koa dia tokony hanaja ny lalàna ka hanefa ireny hetra sy haba isan-karazany tokony haloany amin'ny Fanjakana ireny. Ny olom-pirenena vanona sy tompon'andraikitra tokoa mantsy no antoky ny fampandrosoana!

▲ Jhonson Emile RABEARISON  
ANDRIANALIMANANA  
TG Ambatondrazaka

## SOMMAIRE

<b>Ny Trésor sy ny tantarany</b>	P.02
<b>TRANGA :</b>	
Nisy namaky ny PP Sainte Marie ao Ilot Madame	P.02
PP Betroka: Tsy ananan-kavana ny fampiharana ny lalàna	P.02
<b>CHRONIQUE :</b> Maevatanàna :	
La pauvreté sur une mine d'or	P.03
Relooking du site web du Trésor Public Malagasy	P.06
La Direction de la Comptabilité Publique poursuivra ses réformes en 2013	P.06
Efa mihasalama i Chef Dama	P.06
<b>Ny Tenin'ny Tale Jeneraly :</b>	
Mirary Asaramanitra sambatra ho an'ny rehetra e !!!	P.07
La Stratégie Nationale de Finance Inclusive (SNFI 2013-2017) a été validée	P.07
<b>VAHININTSIKA :</b> Mpanalana ny Mpitan-kaontim-panjakana :	
Tsy maintsy miara-miasa na tsy mitovy hevitra aza indrindray	P.08
AIST : La réforme comptable de l'Etat et la gestion de sa trésorerie au cœur des discussions	P.09
SOAVOANIO, l'exemple type de la réussite de la politique de réforme de la gestion des sociétés à participation de l'Etat menée par le Trésor Public	P.13
<b>INVITÉE DE L'ÉCONOMIE</b>	
Tantely RAVELOJAONA :	
Directeur Général des Services Fonciers	P.10 - 11

### Des événements haut en couleur à Mahajanga



Page 14 - 15

### Faites connaissance avec la TG Ambatondrazaka

Pages 4 - 5



## TSIAHY

## Ny Trésor malagasy sy ny tantarany

Fizarana 27

Horesahina amin'ity Tsiahy andiany faha 27 ity ny mikasika ny tantaran'ireo mpitan-kaontim-panjakana sy ny andraikitra sahanin'izy ireo.



Ireo mpitan-kaontim-panjakana tamin'ny 1957

Ny lalàna frantsay mifehy ny fitanankontim-panjakana no nampiharina teto Madagasikara nandritra ny Fanjanahantany. Tamin'ny 29 septambra 1962,

nialoha kely ny fotoana nandraisan'ny Malagasy an-tanana ny fitantanana ny *Trésor* kosa no nivoaka ny didy hitsivolana 62-081 momba ny sata mifehy ny mpitan-kaontim-panjakana Malagasy. Nifantoka indrindra tamin'ny fitsipika mifehy ny fizarana mazava tsara ny andraikitra ny mpanalalana na *ordonnateurs* sy ny mpitan-kaontim-panjakana na *comptable* io didy hitsivolana io. Voalaza ao anatin'izany ary fa ny mpitan-kaontim-panjakana no mitahiry ny vola sy ny *valeurs*, ny fanangonana ny vola miditra amin'ny fanjakana ary ny fanaraha-maso sy ny fandoavana ny vola mivoaka amin'ny fanjakana. Araka ny voalaza ao anatin'io didy hitsivolana io dia manana andraikitra lehibe indrindra ny mpitan-kaontim-panjakana satria

tompon'andraikitra amin'ny tenany manokana sy ara-bola izy.

Nahatratra 68 ny isan'ireo mpitan-kaontim-panjakana nahavita fiofanana tany Frantsa nandritra ny vanim-potoana mialoha ny niverenan'ny Fahaleovantena sy tamin'ny Repoblika Voalohany ( 1958 ka hatramin'ny 1972). Ankoatra ireo mpitan-kaontim-panjakana notendrena nitana andraikitra teto amin'ny Foibem-pitondrana dia nisy ireo nalefa nitantana ireo *postes comptables* nanerana ny faritra rehetra teto Madagasikara. Ireo *postes comptables* sokajy voalohany, faharoa, fahatelo ary fahefatra no notantan'izy ireo tamin'izany.

▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY  
Tahirin-tsary ANTA

## TRANGA

## Nisy namaky ny PP Sainte Marie ao Ilot Madame



Na dia efa toy izao aza ny hidin-trano dia mbola niharam-pahavakisana ihany

Tsy teo intsony ny hidin-trano ary nivoha nidanaadana ny trano, nisokatra ny *guichet* ary nanjavona ny sompiby (*coffre fort*). Izany no tranga nahazo ny PP Sainte Marie ny 5 desambra lasa teo.

Dian-javatra hita teny an-dalana no narahana ka hita tao ambadiky ny biraon'ny «Association Hiratra» izay eo am-pitan'ny biraon'ny PP ihany ilay sompiby mbola tsy voasokatra. Nidina nijery ny zava-nisy ny lehiben'ny distrika niaraka tamin'ny mpitandro ny filaminana. Niantso mpiasan'ny sambo mihitsy hanapaka ny ampahany tamin'ny ilay sompiby teo imason'ny vadintany satria tsy voasokatra ilay izy. Hita tamin'izany fa tsy vitan'ny mpangalatra ny namaky ny sompiby satria nifanaraka tamin'ny boky fitantanam-bola ny lelavoala tao anaty sompiby (61 087 136 MGA). Nisy taratasy mikasika ny asa ihany koa tao. Mbola ao anatin'ny fanadihadiana tanteraka ny mpitandro filaminana amin'izao fotoana izao mba hahafantarana izay tompon'antoka tamin'ny

famakiana ny biraon'ny PP.

Tsara ny manamarika fa efa tamin'ny 30 aogositra 2012 no tsy nisy mpitandro ny filaminana niambina intsony ity PP ity araka ny boky misy ny fifampitana asan'ny mpiambina ny birao. Ny tranga toy izao indrindra no mahatonga ny Tahirimbolam-panjakana ho sarotiny ary manao antso avo amin'ireo mpitandro ny filaminana fa andraikitr'izy ireo ny fiambenana ireny rantsan'ny Tahirimbolam-panjakana ireny. Ny ezaka fanavaozana, fanatsarana ny fotodrafitrasa rehetra mba hampanara-penitra azy moa dia mbola mitohy hatrany hisorohana indrindra ny fahavakisana toy izao.

▲ Ony Nandrianina RABENANTOANDRO

## PP Betroka: Tsy ananan-kavana ny fampiharana ny lalàna

Vola mihoatra ny 500 000 000 MGA no nanjavona tao amin'ny *Perception Principale* Betroka ny 26 Novambra 2012. Araka ny fanadihadiana savaranonando natao dia voampanga ho tompon'antoka tamin'ity fanodinkodinana volam-bahoaka ity ny *Percepteur Principal* Colomb Bernard RANDRIAMIHAJA. Nanao *approvisionnement* izy andro vitsy talohan'io, ary tsy nipoitra tany am-piasana intsony raha tsy folo andro mahery taty aoriana. Rehefa niantso ny *Trésorier Général* Taolagnaro izy dia nambarany fa tsy nisy vola intsony tao anatin'ny *caisse*-ny. Taorian'ny fakana ambavany azy sy nahitana ireo taratasy hosoka nampiasainy dia tsy afaka nandà intsony izy .

Mandra-piandry ny fotoam-pitsarana azy dia notanana am-ponja vonjimaika ao Betroka izy.

Anisan'ireo ezaka imasoana ary mahasarotiny ny Tahirimbolam-panjakana ny fiarovana sy ny fanatsarana ny fitantanana volam-bahoaka. Tsy handefitra amin'ny tranga tahaka izao mihitsy izy. Koa na iza na iza, na mpiasa ato amin'ny Tahirimbolam-panjakana na olona any ivelany no voampanga sy voaporofa ho nahavita heloka dia ampiharina aminy avy hatrany ny lalàna manan-kery. Tsy ananan-kavana mihitsy ny fampiharana izany.

Mila ny fiaraha-mientan'ny rehetra ny famaizana ireo mpandika lalàna, mambotry

ny fananam-bahoaka tahaka izao mba tsy haha maty momoka ny ezaka efa natomboka hatry ny ela ary imasoan'ny Tahirimbolam-panjakana eo amin'ny fanatsarana ny fitantanana ny volam-bahoaka.

Tokony hitovy ny fampiharana ny lalàna sy ny fanenjehana ireo nahavita heloka eny anivon'ny sampan-draharaha samihafa fa tsy ny eto amin'ny Tahirimbolam-panjakana ihany. Mbola manjaka ny kitranoantrano any amin'ireo Minisitery sasantsasany, araka ny efa notaterina tamin'ny TAHIRY laharana teo aloha. Olona voaporofa fa nanodinkodina volam-bahoaka amina tapitrisa maro dia mbola notendrena ho Tale Jeneraly ihany.

▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY

## CHRONIQUE

## Maevatanàna : La pauvreté sur une mine d'or



Les faits sont révélateurs. Toutes les Communes de la région Betsiboka ont des difficultés de trésorerie et les recettes ne cessent de dégringoler. Actuellement, voire depuis de nombreuses années, ce sont les subventions émanant de l'Etat qui constituent la principale ressource des communes, Collectivités Territoriales Décentralisées, qui sont censées disposer d'une autonomie financière.

Les problèmes liés à ces difficultés financières structurelles – mais non plus conjoncturelles – source de frein au développement local sont nombreux. Pourtant, il est aberrant et désolant de constater que des communes «pauvres» en ressources financières sont pour certaines régions assises, au sens propre comme au sens figuré, sur une mine d'or.

La richesse du sous-sol dans le District de Maevatanàna n'est plus un secret pour personne. Si elle fait le bonheur des opportunistes, cette richesse ne profite que d'une manière infime aux Collectivités locales.

#### LA RUEE VERS L'OR

L'or était exploité à Madagascar depuis l'Antiquité. Au début de l'ère coloniale, il était la seule richesse minière exploitée dans la Grande Ile. Maevatanàna était le premier producteur de minerai d'or, avec 550 000 grammes d'or extrait dans les années 1900, sur la base d'un rendement moyen de 2,8 grammes par semaine, par orpailleur, soit plus du tiers de la production nationale à cette époque\*.

Une telle richesse attire les convoitises, depuis l'ère des colons jusqu'à l'époque des rapaces en tous genres d'aujourd'hui. En effet, de nos jours encore, la teneur en or des échantillons prélevés dans la région reste très intéressante et les principales activités, qui, soit dit en passant relèvent de l'informel, tournent autour de la filière aurifère.

#### DES CHIFFRES THEORIQUES QUI LAISSENT SONGEURS

Une étude menée en 2006 a révélé que des recettes évaluées à 10 millions USD pourraient être générées par les activités minières dans la Région Betsiboka si les transactions s'opéraient par la voie officielle. En tenant compte du fait que 1,6% et 0,4% de la valeur des produits à la première vente (représentant respectivement les ristournes minières et les redevances) sont prélevées en partie au profit des communes des lieux d'extraction, plus de 130 000 USD de recettes auraient pu rentrer dans les caisses des communes bénéficiaires. Faites le calcul en Ariary au taux de change de l'année concernée ! Et cela, sans parler des frais d'administration minière par permis délivré ainsi que des droits de délivrance et de renouvellement des autorisations d'orpaillage, lesquels constituent des ressources supplémentaires au bénéfice desdites Collectivités.

Les chiffres sont têtus. D'après le dernier recensement effectué en mai 2012, la Commune Antanimbary, District de Maevatanàna compte 1 375 orpailleurs. Compte tenu de l'intensité des activités sur les lieux d'extraction et l'absence de changement notable des moyens et techniques utilisés depuis l'époque coloniale, le rendement de 2,8 grammes par orpailleur et par semaine est toujours possible aujourd'hui.

A partir de ces hypothèses, la production annuelle locale est estimée à 184 800 grammes. Après calcul, le montant théorique des ristournes minières devant revenir à cette seule Commune est de plus de 140 000 000 MGA dans l'année. Que ne pourrait entreprendre une «petite» commune rurale comme Antanimbary avec une telle somme?

#### UNE REALITE QUI FAIT MAL

Malheureusement, la réalité est toute autre car en 2011, la Commune Rurale Antanimbary n'a pu bénéficier que de 1 439 000 MGA de recettes issues des ristournes minières, soit environ 1% des recettes théoriques. La production officielle annoncée au titre de l'année 2011 n'est que de 763,30 grammes, soit 0,56 grammes par orpailleur. Or, une enquête menée dans les sites aurifères de Maevatanàna a révélé que les orpailleurs travaillent pendant 7 à 16 heures par jour. Avec leurs équipements rudimentaires, ils peuvent collecter 1 à 2

grammes par jour en période de pluie et 0,1 à 0,3 gramme par jour en saison sèche. Alors, comment se fait-il que l'on n'ait enregistré que moins de 1 000 grammes d'or pendant l'année 2011? Où et comment sont écoulés les produits ? Des questions qui restent sans réponse, et plus grave encore, avec des réponses que l'on feint de méconnaître ou que l'on essaye de cacher pour des raisons inavouées.

#### LA PRISE DE MESURES S'IMPOSE

La formalisation des activités d'exploitation dans le secteur aurifère est une priorité majeure. De par l'importance des transactions effectuées dans le District de Maevatanàna, il est en effet inconcevable d'imaginer que seulement 46 collecteurs formels sont recensés dans le site d'exploitation d'Antanimbary, considéré pourtant comme étant l'un des plus riches gisements aurifères de Madagascar.

Les communes des lieux d'exploitation devraient également s'impliquer dans le suivi des activités minières à travers la nomination des agents de liquidation et des régisseurs de recettes prévus par la législation minière. Actuellement, parmi les 17 Communes du District de Maevatanàna, deux seulement ont accompli ces formalités. Or, l'existence de ces personnes est indispensable en vue de mieux assurer la traçabilité des transactions et le suivi du recouvrement des recettes publiques.

Afin de professionnaliser la filière, la mise en place effective des Agences de l'or et des Comptoirs de l'or prévus par le Code Minier est également primordiale. C'est à leur niveau que les demandes sont instruites aux fins de délivrance des agréments, étape indispensable pour la formalisation du secteur.

#### REFLEXION FAITE

Avec une bonne gestion, les communes à vocation aurifère peuvent être autonomes financièrement. Elles n'auront plus besoin des transferts de l'Etat. Mieux encore, elles pourront être considérées comme des acteurs à part entière de la croissance socio-économique à travers les projets d'investissement susceptibles d'être initiés par leurs soins au niveau local. Le paradoxe malgache - la pauvreté sur une mine d'or - est bel et bien une question de gouvernance !

▲ Jean Baptiste RANDRIANANTENAINA,  
TG Maevatanana

GÉNÉRALITÉS

# Faites connaissance avec la Trésorerie Générale Ambatondrazaka

Pages réalisées par

▲ Johnson Emile RABEARISON ANDRIANALIMANANA et Sahondra Nirina Marie Charline RASOANANTENAINA

De la Paierie d'Ambatondrazaka à la Trésorerie Générale Ambatondrazaka

La Paierie d'Ambatondrazaka a été créée en 1954 pour transférer les services de l'ex-Paierie de Moramanga, reconvertie en Agence Spéciale. Avec la prise de services du Trésor par les Malgaches, en 1963, elle a pris le nom de Trésorerie Principale d'Ambatondrazaka.

Ce n'est qu'avec la mise en place des Régions que la TP Ambatondrazaka a été érigée en Trésorerie Générale Ambatondrazaka.

La TG Ambatondrazaka est un poste comptable supérieur de troisième catégorie. Elle centralise les opérations de quatre Perceptions Principales (Amparafaravola, Andilamena, Moramanga et Anosibe an'Ala). Elle assure également la comptabilisation des opérations des centres fiscaux (Ambatondrazaka, Andilamena et Moramanga), des services topographiques (Ambatondrazaka et Moramanga) et des services des Domaines (Ambatondrazaka, et Moramanga).

Comme pour tous les postes comptables supérieurs, en dehors du rôle de comptable de l'Etat qui leur est traditionnelle-

ment assigné, la TG Ambatondrazaka gère la Commune Urbaine locale et la Chambre de Commerce et d'Industrie de la Région Alaotra Mangoro.


La TG Ambatondrazaka veut améliorer sa performance

En tant que service public, la TG Ambatondrazaka se lance le défi d'améliorer la qualité des services rendus aux usagers. A ce titre, elle entend améliorer le professionnalisme de son personnel. Elle s'implique fortement dans la politique de sécurisation des fonds publics prônée par la Direction Générale. Enfin et surtout, la TG soignera davantage sa gestion comptable pour produire des informations comptables et financières fiables et exploitables.

Un personnel jeune et dynamique

Le personnel de la TG a une moyenne d'âge de 40 ans.

Le Trésorier Général est secondé par deux fondés de pouvoirs. 18 autres agents répartis en huit divisions assurent sous leur supervision le bon fonctionnement du poste comptable : trois concepteurs, un technicien supérieur, trois réalisateurs adjoints, deux encadreurs, deux agents contractuels, un Comptable



du Trésor, deux assistants agent ELD, et un agent de la d'Administration, un opérateur, un employé de service, un Collectivité.



Une équipe dynamique et solidaire

## FITA : La convivialité renforce la performance

**F**ITA ou Fikambanam-ben'ny Trésor Ambatondrazaka, une association à but non lucratif et social, a été créée au sein de la Trésorerie Générale Ambatondrazaka en 1980. Sont nommés d'office Président d'honneur de l'association les

Chefs de Poste successifs. L'objectif est le renforcement de la solidarité entre les membres qui sont de 21 actuellement. Les œuvres sociales et la présentation de vœux sont les activités habituelles. En outre, la réception officielle des nouveaux membres et le pot d'adieu des retraités et des affectés font l'objet d'une grande festivité.

GÉNÉRALITÉS

Le saviez-vous ?



Perceptions Principales rattachées: Deux sur quatre, en plus d'être enclavées, vivent dans l'insécurité

La PP Andilamena se situe au Nord de la région Alaotra Mangoro à 115km de la ville d'Ambatondrazaka. Le District d'Andilamena est classé zone rouge car les *dahalo* procèdent à des attaques à mains armées et sèment la terreur même en plein jour. La PP Anosibe

An'Ala, quant à elle se trouve à 71km de la ville de Moramanga avec une route impraticable en période de pluie.

L'insécurité des fonds et des missionnaires durant l'approvisionnement constitue un problème majeur commun aux deux postes.

Ce qui requiert une étroite collaboration du poste comptable avec les forces de l'ordre.

Malgré cette situation d'insécurité, les deux Perceptions Principales s'efforcent toujours de satisfaire leurs usagers et d'accomplir leurs missions et attributions.

Les Perceptions Principales rattachées

**PERCEPTION PRINCIPALE ANDILAMENA**

**Chef de poste actuel :** Héfler RANDRIANARISOA Benjanahary

**Personnel :** cinq agents

**Bâtiment :** Bloc administratif du District



**PERCEPTION PRINCIPALE MORAMANGA**

**Chef de poste actuel :** Etienne ANDRIANARIVELO

**Personnel :** six agents

**Bâtiment :** bureau-logement



**PERCEPTION PRINCIPALE AMPARAFARAVOLA**

**Chef de poste actuel :** Haja Radoniaina RAKOTOBÉ

**Personnel :** cinq agents

**Bâtiment :** bureau-logement



**PERCEPTION PRINCIPALE ANOSIBE AN'ALA**

**Chef de poste actuel :** Herilalaina Mananirina RAKOTOARIMANANA

**Personnel :** cinq agents

**Bâtiment :** Bloc administratif du District



CCAL: Tsy misy mandray mihitsy aty amin'ny Faritra Alaotra Mangoro !

Olana iraisan'ny rantsamangaikan'ny sampandraharaham-panjakana rehetra manerana an'i Madagasikara ny tsy fandraisan'ireo mpaninjara solika ny CCAL. Any amin'ny faritra sasany dia misy ihany ireo mandray azy ireny fa voafetra ihany izany. Ny eto amin'ny Faritra Alaotra Mangoro manokana dia tsy misy mandray mihitsy izy ireny, eny fa na dia ireo CCAL izay avoakan'ny Trésorerie Générale eto an-toerana aza. Mainka moa fa ireo izay avy any amin'ny faritra hafa.

Mba hamahana io olana io, dia efa nisy ny fivoriana izay niarahan'ny solon-tenan'ny Faritra, ny mpaninjara solika, ny tonian'ny sampandraharaha rehetra eto amin'ny

Faritra, ary ny Trésorerie Générale. Saingy tsy nisy vokany izany satria, anisan'ny olana nasongadin'ireo mpaninjara solika, ny tsy fahatokisan'izy ireo ny CCAL izay tonga eo aminy sy ny fahataran'ny fandoavana ny volan'izy ireo.

Efa nozahana novahana ny olana rehetra saingy tsy nahitam-bokany

Manoloana izany dia nozahana novahana ireo sakana tsy ahafahan'ireo mpaninjara solika mandray ny CCAL ka nandraisana fepetra toy ny fandoavana ao anatin'ny fotoana faran'izay haingana ny volan'izy ireo, ny fametrahana famantarana manokana ny CCAL mivoaka ato amin'ny Trésorerie Générale Ambatondrazaka hisorohana ny hosoka.

Saingy tsy nampiova ny toe-draharaha teto an-toerana izany fa mbola niziriziry tamin'ny heviny hatrany ireo mpaninjara ny amin'ny tsy fanekenany handray ny CCAL. Vokany, voatery miakatra any an-drenivohitra ireo mpanjifa vao afaka mampiasa azy ireny. Noho izany dia mandalo fahasahiranana goavana ireo sampandraharaham-panjakana eto amin'ny faritra amin'izao fotoana izao eo amin'ny lafiny famatsiana solika.

Tsara anefa ny manamarika fa araka ny didy hitsivolana laharana faha 88-137 tamin'ny 30 martsa 1988 dia ny CCAL irery ihany no hany fitaovana fanefana vidin-tsolika ho an'ny sampandraharaham-panjakana rehetra ary voararan'ny lalàna ny fandavana azy ireny.

ACTUALITÉS

# Relooking du site web du Trésor Public Malagasy

Une version plus ergonomique du site web du Trésor Public vient d'être mise en ligne. Juste à partir de cette page web, tenez-vous informés et découvrez tout sur le Trésor Public Malagasy.



Le site web du Trésor Public est un « work in progress »

Le site web du Trésor Public Malagasy est en constante évolution, l'objectif étant de créer un outil plus informationnel, interactif et accessible à tous. Son design et son contenu ont été renouvelés afin qu'il réponde à l'attente de ses visiteurs et soit à la pointe du développement. Ainsi, outre le remodelage de l'interface ainsi que la revue de l'ensemble de la charte graphique, une mise à jour des informations techniques et générales concernant les activités et services spécifiques

du Trésor a été effectuée. Par ailleurs, pour plus d'ergonomie, le site offre à tous ses visiteurs un catalogue de fonctionnalités diverses et variées telles que l'espace membres privés, l'espace usagers, l'espace recrutement, l'espace média avec les actualités du Trésor en continu... A rappeler que ce site participe activement à la démarche de modernisation, d'ouverture et de transparence à laquelle s'engage la Direction Générale du Trésor. A consulter pour tout savoir sur le Trésor Public : <http://www.tresorpublic.gov.mg>

▲ Zoely Narindra RAKOTONINDRAINY  
Tovo RANDRIAMAHALEO

# La Direction de la Comptabilité Publique poursuivra ses réformes en 2013



Les chefs de postes attentifs à la présentation

Des boxes informatiques et wifi seront installés dans les postes comptables supérieurs. En outre, l'informatisation des postes comptables sera renforcée et atteindra les Perceptions Principales. La dématérialisation sera progressivement mise en œuvre : l'introduction

des cartes électroniques pour remplacer les Chèques Carburants et Lubrifiants (CCAL) commencera dès 2013. Les Trésoreries Générales et les Trésoreries Principales doivent être prêtes pour ces réformes. Ces dernières ont été exposées lors de la réunion des chefs de postes comptables à l'Institut Malgache des Techniques de Planification (IMaTeP) à Ivandry les 5, 6 et 7 novembre derniers. En effet, ces chefs de poste ont été regroupés pour la présentation des résolutions

des comptables publics a été remis sur le tapis. Ces trois jours de réunion, ont été pour les TG/TP présents, une occasion de partager leurs expériences et statuer d'une part sur les travaux à entreprendre en matière de production de comptes fiables et sincères de l'Etat, et d'autre part sur la nouvelle modalité de présentation des comptes de gestion.

▲ Oniaina Saintia F. RAKOTONINDRINA  
Rivolala RANDRIANARIFIDY

Les éléments fondamentaux de la comptabilité publique ont été l'objet du renforcement de capacité d'une trentaine de Contrôleurs et Comptables du Trésor dans les établissements publics du 12 au 16 novembre dernier à l'IMaTeP Ivandry. A l'issue de la formation, les participants ont reçu chacun un certificat.

# Efa mihasalama i Chef Dama



Tao anatin'ny tsiky no nandraisan'i Chef Dama ny ekipan'ny Tahirimbolam-panjakana

Nitsidika an'i Chef Dama teny amin'ny tranononany, teny Andohan'i Mandrozeza ireo mpitantana ny Tahirimbolam-panjakana sy ny Ekipan'ny Gazety Tahiry ny 6 desambra lasa teo. Hita ho efa tena mivoatra ny toe-pahasalamany. Efa manomboka mazava ny fomba fiteniny ary efa afaka mandray tanana izy raha hiarahaba sy hanao veloma, sady efa maharin-doha tanteraka noho ny kinésithérapie ataony. Ny ilany havia kosa no mbola tena malemy. Efa miverina be vazivazy sy velontsiky lalandava ny tenany amin'izao ary efa mampianatra *mathématiques* ny zanany mihitsy aza izy indraindray. Zovy tokoa no tsy mahafantatra an'i Chef

Dama raha mbola mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana? Tao amin'ny *Direction de la Brigade d'Inspection et de Vérification (DBIV)* no tena nahafantarana azy na dia efa nitazona *postes comptables* aza izy taloha. Miasa tsy miato na amin'ny ora fisakafoanana atoandro aza. Izay no nampalaza azy. Harerahana be no nahatsentsina ny lalandrany ka tsy ahafahany manohy miasa ankehitriny. Tena voa mafy izy ary tsy afaka nihetsika mihitsy aza tamin'ny voalohany. Mbola eo am-panohizana ny fitsaboana azy ny fianakaviany ankehitriny. Mirary an'i Chef Dama hitombo fahasalamana ny mpiara-miasa rehetra.

▲ Ony Nandrianina RABENANTOANDRO

# Ny tenin'ny Tale Jeneraly

## Mirary Asaramanitra sambatra ho an'ny rehetra e !!!



**H**ifarana sahady ity ny taona 2012. Toa tsy hitahita akory nefa maro ny dingana efa sy ny asa vita raha ny antsika eto amin'ny Tahirimbolam-panjakana Malagasy. Nifanojo tamin'ny fankalazantsika ny fahadimampolo taona rahateo ity taona hifarana ity ka maro ireo hetsika notanterahina na ny teo amin'ny lafiny ara-panatanjahantena na ara-tsosialy na ara-kolontsaina.

Taona nanohizana sy nanamafisana ireo ezaka fanavaozana ny fomba fiasa sy ny toe-tsaina enti-mitantana ny volam-bahoaka koa izany ary maro tokoa ny asa fanavaozana vita na natomboka raha tsy hiresaka afa-tsy ny eo amin'ny fomba fitantanana ny trosa anatin'ny sy ivelany, ny eo amin'ny fiarovana ny vola na teo amin'ny dingana arahana na teo amin'ny fitehirizana na fivezevena fotsiny ihany asa.

Tsy azo odian-tsy hita koa ny fanamafisana sy fanatsarana ny fanaraha-maso sy ny fanadihadiana ny amin'ny fampiasana ny volam-bahoaka, ny fanarenana sy ny fanavaozana ezaka ireo orinasa ananan'ny Fanjakana petra-bola ary ny fanatsarana ny fomba fiasa nahafahana nanome vokatra tsaratsara kokoa.

Noho isika resy lahatra fa ny fomba sy ny toe-tsaina nentina nitananana ny volam-bahoaka sy ireo harena voajanahary no tena antony nampahantra ny firenena, dia nanomboka ezaka lehibe koa isika dia ny fitaomana sy fampahatsiarovan-tsaina ary fampahafantarana fitsipi-pitondran-tena sy soatoavina voizin'ny Tahirimbolam-panjakana.

Hijoro hatrany ary tsy hihemotra amin'ny fiarovana ireo fitsipi-pitondran-tena sy soatoavina ireo isika eo am-panatanterahana ny asa aman'andraikitra nankinina tamintsika.

Izany indrindra no nametrahana fanamby dimy dia : (i) ny fanamafisana ny fiarovana ny volam-bahoaka amin'ny endriny rehetra sy amin'ny sehatra rehetra; (ii) ny fanatsarana ny tolotra ho an'ireo manana raharaha ato amin'ny Tahirimbolam-panjakana (fanatsarana ny fandraisana, fanafomezana ny fe-potoana fandoavam-bola...) ; (iii) ny fanatsarana ny tontolon'ny asa sy ny fepetra enti-miatrika azy (tontolo, famporisihana...), (iv) ny

fampifanarahana amin'ny toetr'andro ny rafitra, ny lamina sy ny vokatra (fampitaovana kajimirindra, fahafoanam-bainga...) ; (v) ny fametrahana fomba sy toe-tsaina fitantanana mahomby sy mamokatra, madio ary mangarahana amin'ny alalan'ny tatitra sy famakafakana ary fifandraisana eo amin'ny vahoaka sy ny mpitondra.

Efa natomboka ny asa ary efa nahitana vokatra azo tsapain-tanana. Anisan'ny fanoitra lehibe nahafahana nanatanteraka izany ny fiarahamiantana sy ny firaisankinantsika mianakavy.

«Ny akanga maro tokoa, tsy vakin'ambo, ny mita be tsy lanin'ny mamba, izay mitambatra vato izay misaraka fasika ary ny firaisankina no hery».

Mbola lavitra sy sarotra anefa ny dia, mbola mankadiry ny tanjona hotratrarina sy ny ezaka hotanterahina.

Koa mirary antsika rehetra tsy ankanavaka, tsy andraraka ilo mby an-doha, hahaleo, hahalasa, hotafian-Janahary hery sy tanjaka, ho tomady saina, vatana ary fanahy lalandava eo ampiatrehana ny taona 2013 hitsidika tsy ho ela izay rariana tokoa ho taona hifaranan'ny kirizy.

Arahabaina nahatratra ny krismasy ary samy nahatratra ny taona vaovao avokoa!

▲ Orlando ROBIMANANA

## ACTUALITÉS

### La Stratégie Nationale de Finance Inclusive (SNFI 2013-2017) a été validée



Les acteurs de la microfinance ont été satisfaits

**C**arlton Anosy, 10 décembre 2012. Une centaine de personnes a participé à l'Atelier de validation de la Stratégie Nationale de Finance Inclusive (SNFI 2013-2017) pour Madagascar. Suite aux remarques,

observations et suggestions émises par les acteurs et intervenants du secteur lors de la restitution des travaux de formulation du 08 novembre dernier, un nouveau document, objet de la validation a été formulé.

Des résolutions techniques ont été prises pour améliorer la SNFI : (i) l'intégration du Service d'Appui à la Finance Rurale du MINAGRI par rapport aux activités liées aux ajustements du cadre légal de la finance inclusive, (ii) la nécessité d'intégrer les organisations paysannes faitières, les Centres de Services Agricoles (CSA) et le Fonds de Développement Agricole (FDA) dans le Comité Technique de Coordination (CTC) de la SNFI.

D'autres pistes de réflexions ont été avancées et seront au menu des différents comités techniques de mise en œuvre de la SNFI telles

que l'implication de l'Etat dans le financement du secteur de la finance inclusive, les mécanismes permettant à la Banque Centrale de Madagascar de financer les Institutions de MicroFinance, les mécanismes de protection des IMF en matière de recouvrement.

Le document de stratégie a été validé par les participants. Il reste aux différents Comités Techniques de le budgétiser et de le soumettre au Gouvernement pour son approbation avant le lancement officiel de sa mise en œuvre au début de l'année 2013.

A noter que cet atelier a été organisé par la Coordination Nationale de la MicroFinance (CNMF) avec l'appui du Programme d'Appui à la Finance Inclusive PAFIM/PNUD/FENU.


▲ Solofo RAKOTOMAVO

## VAHININTSIKA

# Mpanalanana sy Mpitan-kaontim-panjakana : Tsy maintsy miara-miasa na tsy mitovy hevitra aza indraindray

Didim-panjakana n°2005-003 tamin'ny 04 janoary 2005, andalana faha 24 : «Tsy afa-miaraka ny asan'ny mpanalalana (*ordonnateur*) sy ny asan'ny mpitam-kaontim-panjakana (*comptable*)... Tsy afaka mitana ny andraikitra maha mpanalalana ny olona iray raha mpitan-kaontim-panjakana ny vadiny».

Na mahaleo tena tanteraka aza ny andraikitra maha mpanalalana sy ny mpitan-kaontim-panjakana dia tsy maintsy miara-miasa noho ny fampandehanan-draharaham-panjakana ny tompon'andraikitra amin'izany. Vahinintsika Ramatoa sy Andriamatoa isany Verohanitra LALATIANA HARINOSY, *Chargée d'Affaires* ao Alger sy John Euloge RASOANIRAINY, *Agent Comptable* any Algérie ary Léa RAHOLINIRINA, *Chargée d'Affaires* ao Berlin sy Marcel RABENAIVO, *Agent Comptable* any Berlin. Inona marina ny zava-misy eny anivon'ireny masoivoho any ivelan'i Madagasikara ireny ? (Ndlr : ny *Chargés d'affaires* sy ny *Ambassadeurs* no manao ny asan'ny mpanalalana ka *utilisateurs de crédit délégués* no iantsoana azy ireny)



Verohanitra LALATIANA HARINOSY

«Tokony ho mpiara-miasa akaiky ny mpanalalana sy ny mpitam-kaontim-panjakana»

Inona ny olana mateti-pitranga eny anivon'ny masoivoho raha ny vola no resahina ?

Mila vola ny masoivoho mba hitsinjovana ny fiandrianampirene. Maro ny olana (trano, fanatontosana ny asa, ny olona miasa...).

Manao ahoana ny fifandraisan'ny mpampandao vola sy ny mpitam-bolam-panjakana ?

Indraindray dia manahirana ny fiaraha-miasa. Samy manana ny lalàna mifehy ny mpanalalana izay mitantana ny vola azo sy ny mpitam-kaontim-panjakana ka mila arindra io fiaraha-miasa io. Eo ambany fiahiana mivantan'ny mpanalalana ny mpitan-kaontim-panjakana (*le comptable est sous la supervision directe de l'ordonnateur.*)

Mazava ve ny lalàna mifehy ny asa ?

Mazava ny lalàna ary ireo no fototra iasana saingy ny *adaptation* no mampafana fo satria ny zava-misy tsy mitovy. Raha ny fizarana asa dia tsy tokony hampisy disadisa.

Inona no mety ho vahaolana?

Mila mifanome torohevitra sy mifanatona ny mpanalalana sy ny mpitan-kaontim-panjakana mba hampandeha ny raharaha : izay no fiaraha-miasa sy fifamenoana.



John Euloge RASOANIRAINY

Ny fahataran'ny fahatongavan'ny vola no olana. Mampitaintaina hoe ho tonga ve ny vola, hany ka voatery afa aloha ny fangatahana vola (*demande de fonds*)

Amin'ny maha mpitan-kaontim-panjakana ny tena dia manoro hevitra ny mpanalalana ny tena. Indraindray anefa izy ireny tsy manaiky ka izany no miteraka ny olana. Ny mpitam-bolam-panjakana no mahafantatra ny fepetra rehetra ilaina raha hanao fandania ny mpampandao vola ary efa misy lalàna izany. Indraindray anefa ireny lalàna ireny tsy voaraka.

Tsy haiko izay andraisan'ny mpanalalana ny lalàna fa indraindray io resaka antontan-taratasy fanamarinana fandania-bola io dia tsy mampifandray ny tadin-dokanga.

Tsotra ny vahaolana : rehefa amin'ny lafiny fandania : rehefa tena mandà ny mpanalalana dia voatery izahay mangataka torohevitra avy any amin'ny Foibem-pitondrana.



Léa RAHOLINIRINA

«Mifanaja ary samy manaja ny asany»

Inona ny olana mateti-pitranga eny anivon'ny masoivoho raha ny vola no resahina ?

Ny tsy fahampian'ny vola no olana. Indraindray tokoa mantsy dia tsy mifanojo amin'ny filàna ny sora-bola omena. Ohatra amin'izany ny ao aminay any Berlin : Mbola be ny vola tsy voalao tamin'ny fampiasana *gaz* nefa tsy ampy ny sora-bola ekena holaniana. Manana sora-bola ekena holaniana ho an'ny akanjo izahay, nefa tsy ilaina akory izany satria efa tamin'ny taona 2009 no nisy mpiasa an-trano farany tato aminay.

Manao ahoana ny fifandraisan'ny mpampandao vola sy ny mpitam-bolam-panjakana ?

Misy ny tsy fitoviam-pijery saingy ny fifampatokisana sy ny fifanajana ary ny fifanomezana torohevitra sy fifampizarana traikefa no zavadehibe.

Mazava ve ny lalàna mifehy ny asa ?

Raha ny eo amin'ny fandania-bola dia miresaka hatrany izahay sy ny mpitan-kaonty mba hahafantarana izay mifanaraka amin'ny lalàna. Manao ny asan'ny mpanolo-tsaina ihany koa ny mpitan-kaonty.

Inona no mety ho vahaolana?

Ny fihonana mivantana toy itony dia ilaina indrindra satria hafa ihany ny mifanatri-maso mba hadinihana ny olana sy ikaroham-bahaolana



Marcel RABENAIVO

Ny sora-bola azo laniana omena ety anivon'ny masoivoho no olana. Misy ireo fandania tsy maintsy atao nefa ny vola voatokana amin'izany tsy ampy.

Raha ny anay manokana dia tsy nahitana olana teo amin'ny fifandraisana : Mifanaja ary samy manaja ny asany na misy aza ny tsy fitovian-kevitra.

Mazava ny lalàna saingy indraindray tsy mifanaraka amin'ny zava-misy any amin'ilay firenena ka mila jerena akaiky izany.

Mila atao mazava avokoa ny toromarika omena ireo masoivoho sy ny mpitan-kaonty eny anivon'izy ireny.

(Ndlr : Araka ny rafitra dia eo ambany fiahian'ny mpanalalana ny mpitam-kaontim-panjakana saingy amin'ny asany kosa dia mahaleo tena tanteraka izy. Na ny mpanalalana na ny mpitan-kaontim-panjakana dia fehezin'ny Lalàna 2004-007 sy ny Didim-panjakana 2005-003.

Ny fanamarinana ny fandania-bolam-panjakana no vontoatin'asan'ny mpitan-kaontim-panjakana.)

## INTERNATIONAL

## Association Internationale des Services du Trésor

### La réforme comptable de l'Etat et la gestion de sa trésorerie au cœur des discussions



95 participants venant de 26 pays et de 3 organisations ont été présents lors de ce rendez-vous annuel

**H**ammamet (Tunisie) : 15 et 16 novembre 2012. Lors du VIème Colloque International de l'AIST, deux thèmes d'actualités ont fait l'objet d'échanges d'expériences suivis de débats : La réforme comptable de l'Etat et la gestion de sa trésorerie.

Le Trésor Public Malagasy, à l'instar de nombreux pays, a engagé des réformes pour assurer la qualité de la gestion publique et la transparence de

l'utilisation des deniers publics. Par ailleurs, la crise financière qui touche actuellement les Etats a mis en exergue la nécessité d'assurer une démarche prudentielle de gestion de la trésorerie. Cela consiste à prévoir les moyens nécessaires pour s'adapter au mieux aux besoins de financement et à mettre en œuvre une stratégie qui permet de les garantir sur le long terme et d'assurer à tout moment la continuité financière de l'Etat.

Plusieurs sous-thèmes ont été ainsi abordés, à savoir : (i) les enjeux de la réforme comptable de l'Etat ; (ii) la mise en œuvre des réformes comptables ; (iii) les modèles d'organisation de la gestion de la trésorerie ; et (v) les outils de gestion de la trésorerie.

La Côte d'Ivoire, pays hôte du prochain Colloque a été désignée au poste de Président de l'Association pour un an. Ce fut lors de l'Assemblée Générale des membres de l'AIST qui se tient, comme de coutume, à la suite du colloque.

▲ Haingotiana RAJEMISA

## Direction Générale des Finances Publiques (DGFIP) – Direction Générale du Trésor (DGT) : pour un cadre de coopération formalisé



La DGT de Madagascar et les homologues de la DGFIP du Ministère français de l'Economie et des Finances ont tenu des réunions de travail.

**P**aris, du 19 au 22 novembre 2012. Les rencontres avaient pour objet de discuter du futur cadre de coopération entre les deux institutions.

Si la coopération entre les deux parties date de plusieurs années déjà, elle s'est faite de manière ponctuelle jusqu'à présent. Il est donc prévu de formaliser ce cadre de coopération par un accord à moyen terme, et ce, afin d'avoir de meilleures programmation et coordination des différentes activités à entreprendre. L'on espère pouvoir finaliser cet accord dans les semaines qui viennent et en procéder à la signature.

Par ailleurs, ces quelques jours de travail ont été également mis à profit pour échanger sur les réformes menées au sein des institutions respectives, notamment dans le domaine de la dématérialisation en comptabilité publique et celui de l'audit interne.

▲ Haingotiana RAJEMISA

## Très bientôt, une mission d'évaluation de la performance de la gestion de la dette à Madagascar

**L**es réformes engagées depuis 2012 par la Direction Générale du Trésor en matière de gestion de la dette publique ont débuté par la réorganisation de la Direction de la Dette Publique, qui gère dorénavant la dette intérieure au même titre que la dette extérieure. En effet, la dette intérieure a toujours été considérée comme simple instrument de trésorerie, au cours des années précédentes.

Plusieurs défis restent à relever, dont l'élaboration du cadre réglementaire de la gestion de la dette, actuellement en préparation. La Direction Générale du Trésor a, par ailleurs, exprimé sa volonté de se soumettre au « Debt Management Performance Assessment tool (DeMPA) », qui est un outil de la Banque Mondiale servant à appréhender l'état des lieux de la gestion de la dette publique d'un pays. A ce propos, elle vient d'avoir confirmation que la mission de la Banque Mondiale viendra au pays en mi-janvier 2013 pour réaliser ladite évaluation.

